# Firaisamonim-pirenena, Zon'olombelona, Sisinkevitra

## amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana



BOKY MPAMPIOFANA

# LASI-PIOFANANA

## Firaisamonim-pirenena, Zon'olombelona, Sisin-kevitra

amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana



# TENY FANOLORANA



*Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia miainga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrahana feno ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.*

*Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagasikara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahan'ny olona rehetra ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana lovainjafy mba hanatsarana ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.*

*Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo fiofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fanadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterahana fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fampiasana io tolotra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana.*

*Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novolavolaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ireo fomba fiasa sy dingana ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bita.*

*Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana ny lasim-piofanana izao.*

# FIRAFITRY NY BOKY FAMPIOFANANA

Ity lasim-piofanana ity dia ahafahana manjohy sy manombana ireo voaray rehetra eo am-pidirana, mandritra sy amin'ny fiafaran'ny fiofanana, ahitana ny Boky ho an'ny Mpampiofana sy Boky ho an'ny Mpiofana.

Votoatin'ny lasim-piofanana dia ahitana ny :

## Ho an'ny Bokin'ny Mpampiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny fandaharam-piofanana : ahitana ny fivoaran'ny fampiofanana, fomba fampiofanana, ny lesona, ny fampiharana isaky ny lohahevitra.
- Fomba fampitàna ny fiofanana : maneho ireo fomba, teknika sy hetsika isan-karazany, hampitàna ny fiofanana.
- Pejy fitaratra : raha mampiasa "videoprojecteur" dia misy ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana.

## Ho an'ny Bokin'ny Mpiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny votoatin'ny fiofanana : ahitana ireo fomba enti-mampita ny fiofanana, ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana, ireo voambolana tsara ho tadidy, ireo fampiharana isan-karazany izay manaraka ny fizotry ny fiofanana.

# FINTINA MOMBA NY FOTOKEVITRY NY FIOFANANA

## Fampidirana

Ny fisitrahana feno sy maharitra ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana dia mitaky fihetsehana sy fiaraha-miasa amin'ny fikambanana ifotony sy nasionaly ary ny firaisamonim-pirenena, izay tokony hatanjaka amin'ny fitondrana ny teny avy amin'ny vahoaka sy fiarovana ny zony. Ilaina araka izany ny mahalala ny fomba entina hametrahana ireny firaisamonim-pirenena ireny ary ny fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny sisinkevitra, ny zo mifototra amin'ny rano, fanadiovana sy fidiovana, ary araka ny lalàna manakery.

## Tanjona ankapobeny

Ny tanjon'ity fiofanana ity dia ny ahafahan'ny firaisamonim-pirenena mitarika fanovana haingana amin'ny fisitrahan'ny daholobe ny rano, fanadiovana sy fidiovana ara-kalitao sy maharitra.

## Mpiofana

Ireo mpiofana dia ahitana ny fikambanana misehatra amin'ny rano, fanadiovana sy fidiovana, ny tompon'andraikitra eny ifotony.

## Mpampiofana

Ny mpampiofana dia : mpitarika firaisamonim-pirenena, teknisianina mahafehy ny fomba fanaovana sisinkevitra ary ny lalàna momba ny rano.

## Fomba fampitàna ny fiofanana

Amin'ny ankapobeny, ny fomba fampiofanana dia mampiasa ny :
i) Fomba fampiofanana olon-dehibe, manome lanja ny fandraisan'izy ireo anjara feno amin'ny fanovozana ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny traikefa, ny fanatanterahana ny fiofanana mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony, indrindra ny fampiharana.
ii) Fanamorana : Ny mampiofana dia mpanamora mahay mampandray anjara ny mpiofana mandritry ny fiofanana ahafahan'izy ireo efa mampihatra ny fahaiza-manao azo.

## Tombana


Ny tomban'ny fiofanana dia atao amin'ny alalan'ny :

1. Fanangonana ireo tiana handrasana eny am-panombohana ny fiofanana sy fanamarinana ny fahatratrarana izany amin'ny fiafarany
2. Fanokanana fotoana fametrahana fanontaniana sy fitondrana valiny arahina fampandraisana anjara mavitrika ny mpiofana
3. Fanombanana arahina fanolorana ny vokatra isan'andro
4. Fanombanana amin'ny fiafaran'ny fiofanana.

## Fitaovana ilaina

Ireo fampitaovana ilaina hanatanterahana ny fiofanana :

- Toerana fiofanana
- Fitaovam-pampitana toy ny videoprojecteur, solosaina
- Boky ho an'ny Mpampiofana sy Mpiofana
- Fisy isan-karazany
- Taratasy lehibe fanoratana
- Taratasy fotsy
- Taratasy madinika maroloko na Cartes Visualisation pour Programmes participatifs (VIPP)
- Fitaovana isan-karazany (hety, penina, kahie, sns.)



## FINTIN'NY LOHAHEVITRA

| Andiany | Lohahevitra | Faharetany (minitra) |
|---|---|---|
| Fampidirana ny fiofanana | - Fandraisana ny mpiofana<br>- Fandaminana<br>- Tiana andrasana amin'ny fiofanana<br>- Fanehoana ny votoatin'ny fiofanana | 45 min |
| **Taranja 1.** | **OSCEAH sy ny Zon'olombelona** | |
| Andiany | 1. Firaisamonim-pirenena amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana sy fidiovana sy ny Andraikiny | 45 min |
| | 2.  Zon'olombelona | 30 min |
| | 3. Lalàna momba ny rano | 75 min |
| | 4. Drafitrasan'ny OSCEAH | 45 min |
| **Taranja 2.** | **Sisinkevitra** | |
| Andiany | 1. Famaritana | 60 min |
| | 2. Dingana | 120 min |
| **Tombana** | | **75 min** |
| **Totaly** | | **450 min** |

# FIZOTRY NY FAMPIOFANANA

# Fampidirana

## Tanjona

Aorian'ity andiany ity, ny mpiofana dia :

- Mifankahalala sy mifanakalo hevitra sy traikefa mandritra ny fiofanana
- Tompon'andraikitra amin'ny fizotry ny fiofanana ary mandray anjara.

## Faharetany

45 minitra

## Fanomanana / Fitaovana

- Taratasy lehibe fanoratana
- Pejy fitaratra

## Fomba fampiofanana

- Lalao tantara
- Tosakevitra



# I. Fampidirana ny fiofanana

## Votoatiny

1. Fandraisana ny mpiofana sy fanalàna ny elanelana.
2. Filazana ny tiana handrasana
3. Fanamorana ny tombana mandritra ny fiofanana
4. Fanolorana ny votoatin'ny fiofanana.

## 1. Fandraisana ny mpiofana sy fanalàna ny elanelana

Fampitàna

10 min

Mandray ny mpandray anjara ny mpampiofana.
Manolotra ny teny fandraisana ny mpandray anjara.
Mifankafantatra ny mpandray anjara ary mametraka ny fifampitokisana mandritra ny fiofanana sy manala ny elanelana.
Fampahafantarana ny votoatiny sy ny fandaminana ny fiofanana.
Fifampizarana ny andraikitra isam-bondrona; ahitana ny anaran'ny mpiofana isaky ny vondrona voalohany hatramin'ny faha-efatra, hahafahana mametraka fiofanana milamina; mampiatra ny fomba fiasa « AILE » :

- A : Animation (Fanentanana)
- I : Information (Filazana vaovao)
- L : Logistique (Fanomanana ny trano fiofanana)
- E : Evaluation (Tombana)

| Asa | 18/10/2021 | 19/10/2021 | 20/10/2021 |
|---|---|---|---|
| Fanentanana | 1 | 2 | 3 |
| Filazana vaovao | 2 | 3 | 4 |
| Fandaminana ny trano fiofanana | 3 | 4 | 1 |
| Tombana | 4 | 1 | 2 |

## 2. Filazana ny tiana handrasana

Fampitàna

10 min

Asaina milaza ny tiana handrasana ny mpandray anjara tsirairay rehefa voalaza ny fampidirana ny lohahevitry ny fiofanana.

1. Mizara karatra VIPP iray isaky ny mpiofana
2. Asaina manoratra ny tiany handrasana ny mpiofana mahakasika ny lohahevitra
3. Apetaka amin'ny taratasy lehibe na rindrina ary hatambatra izay mitovy
4. Asaina mamaky ny mpiofana.

## 3. Fanamorana ny tombana mandritra ny fiofanana

Fampitàna

10 min

i) Fanentanana

- Ny fanentanana dia tanterahin'ny vondrona voafidy hiandraikitra izany, ahafahana manetsiketsika mandritra ny fiofanana ary manampy amin'ny fifantohana.
- Raha ilaina dia asiana fanentanana isaky ny andininy.

ii) Famintinana isaky ny andiany ataon'ny mpampiofanana arahina fanontaniana sy valiny avy amin'ny mpiofana. Asaina manome ny voambolana tsara ho tadidy ny mpiofana.

iii) Tombana
Atao ny tombana isan'andro rehefa tapitra ny andro iray.

- Misy fisy ampiasaina amin'ny tombana isan'andro, izay fintinina sy atolotry ny mpiofana ny ampitso.
- Hatsaraina ny fiofanana araky ny fanamarihana ary homena valiny ireo fanontaniana na ireo manjavozavo.
- Tombana farany any amin'ny fiafaran'ny fiofanana.


## 4. Fanolorana ny votoatin'ny fiofanana

Fampitàna

10 min

Atolotry ny mpampiofana ny fintina momba ny votoatin'ny fiofanana :

- Lohahevitra
- Tanjona
- Mpiofana
- Votoatiny
- Faharetany
- Fomba fiofanana
- Fitaovana hampiasaina
- Mpampiofanana ny mpandray anjara hafa (ohatra, vahiny).







# Taranja

# I

**Fiaraisamonim-pirenena amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana  sy ny Andraikiny**

# ANDIANY. I

## Firaisamonim-pirenena

### Tanjona :

Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala sy resy lahatra amin'ny antom-pisian'ny firaisamonim-pirenena amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana
- Mandray anjara anatin'ny rafitra misy.

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Firaisamonim-pirenena amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana (OSCEAH)</td><td>
1. Rafitra OSCEAH
<ul>
<li>Firafitry ny OSCEAH amin’ny ankapobeny :</li>
<li>Rafitra nasionaly : Manana Birao Nasionaly (BEN)</li>
<li>Rafitra anivon’ny faritra : Manana Biraom-paritra (BER)</li>
<li>Rafitra kaominaly : Manana birao anivon’ny kaominina.</li>
<li>Samy manana birao ireo izay miisa 7, ahitana ny : Filoha (1), Filoha lefitra (1), Mpitantsoratra (1), Mpanolotsaina (3), Mpitahiry vola (1).</li>
</ul>
2. Momba ny OSCEAH<br>
a) Tantara niorenan'ny OSCEAH ALMA<br>
Famaritana ankapobeny :
<ul>
<li>Niorenan’ny OSCEAH ALMA</li>
<li>Niforina ny taona 2014</li>
<li>Nahitana mpikambana miisa 15</li>
<li>Komity Mpandrindra (comité de pilotage) no niantsoana azy tamin'izany</li>
<li>Namolavola ny sata, ny fitsipika fototra (charte) ary ny fomba fiasa tamin’izany</li>
<li>Nanomana ny fananganana ny BEN.</li>
</ul>
</td></tr>
</table>

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Firaisamonim-pirenena amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana (OSCEAH)** | **b) Asa vita**<br><br>1. Nandray anjara tamin'ny fandrafetana ny sata, fitsipika fototra, ny boky fomba fiasan'ny OSCEAH<br>2. Nametraka ny BER Alaotra Mangoro sy nanavao ny mpikambana araka ny voafaritra ao anatin'ny boky fomba fiasa<br>3. Nanao ny saritanin'ny Faritra Alaotra Mangoro momba ny rano, fanadiovana, fidiovana<br>4. Nanatanteraka fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny OSCEAH Alaotra Mangoro mahakasika ny fomba fiasan'ny OSCEAH, ny serasera, ny fandresen-dahatra, ny fanentanana ary fampiofanana mpampiofana momba ny fandresen-dahatra ahazoana vokatra haingana<br>5. Nandray anjara tamin'ny fisafidianana ireo kaominina hiasan'ny tetikasa RANOWASH<br>6. Fanomanana ny fivoriam-be hanavaozana ny biraom-paritra.<br><br>**d) Vokatra andrasana**<br><br>• OSCEAH tafatsangana sy miasa ara-dalàna amin'ny disitrika 5 sy kaominina izay tratra<br>• Mahavita fampiofanana sy fanamafisana fahaiza-manao : rafitra OSCEAH, sisinkevitra ahazoam-bokatra haingana, sns. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Manontany raha misy rafitra iray azo atao ohatra eo an-toerana. Maneho ny fanazavana amin'ny fampiasana ohatra iray raha misy ilay firaisamonim-pirenena eo an-toerana.<br><br>Na maka ohatra amin'ny firafitry ny fiangonana manana rafitra nasionaly, faritra sy ifotony. | | | 25 min |

## 3. Anjara andraikitry ny tsirairay ao amin'ny OSCEAH

**Birao mpitantana**

Misahana ny fandraharahana rehetra mikasika ny fikambanana, fikajiana ny antontan-taratasy mikasika ny fikambanana

**Filoha**

Misolo toerana ny fikambanana eo amin'ny raharaham-panjakana, ny fifandraisana amin'ny fikambanana hafa na olon-tsotra, na ny raharaha ivelany rehetra

**Filoha lefitra**

Manampy ny filoha amin'ny fanentanana ny asany araka ny fandaminan'ny filoha

**Mpitan-tsoratra**

Mitahiry ny antontan-taratasy rehetra, mandrindra ny fandaminam-pandaharana isaky ny fivoriana (fanomanana ny fivoriam-be)

**Mpitahiry vola**

Mitahiry sy mandraharaha ny volan'ny Fikambanana (banky, ivo-toerana mpampindram-bola madinika, na ny fanao an-tanana). Hiarahana manao sonia miaraka amin'ny filoha ny famoahana izany, rehefa notapahin'ny birao

**Mpanolo tsaina**

Manolo-tsaina ny birao, manaparitaka ny vaovao na fanentanana any amin'ny fikambanana misy azy avy

**Fivoriam-be**

Atao indray mandeha isan-taona fara-fahakeliny
Mankato ny asa vita sy ny tetibola ho an'ny taona manaraka
Mametraka ny laminasa hotanterahina sy mitsara ny tetibola ho an'ny taona manaraka

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Mampanao asa tarika ny mpiofana.<br><br>Zaraina roa ny mpiofana. Mametraka ireto fanontaniana ireto :<br><br>• Inona no anjara andraikitry ny Birao ao amin'ny fikambanana?<br>• Inona no anjara andraikitry ny fikambanana izay mikambana ao amin'ny OSCEAH?<br><br>Atolotra ampahibemaso ny vokatry ny asam-bondrona.<br><br>Manao ny fandravonana ny mpampiofana. | | | 20 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Firaisamonim-pirenena amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana (OSCEAH)** | **b) Asa ataon'ny OSCEAH**<br><br>• Fanentanana ny olona rehetra mikasika ny rano, fanadiovana, fidiovana<br>• Fandresena lahatra ny mpitondra hametraka ho laharam-pahamehana ny rano, fanadiovana, fidiovana eo anivon'ny kaominina<br>• Fiaraha-miasa amin'ny mpitondra mba hanentanana ny rehetra handray anjara amin'ny lafiny rano, fanadiovana, fidiovana. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 31. Manao tari-dresaka miainga amin'ny fanontaniana :<br><br>Inona avy no asa mirona amin'ny rano, fanadiovana, fidiovana mety hotanterahin'ny fikambanana sy ny firaisamonim-pirenena? | | | 20 min |





# ANDIANY. 2

# Zon'ny olombelona amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana

## Tanjona :


Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala sy afaka miaro ny zo fototra amin'ny fisitrahana rano fisotro madio, fanadiovana sy fidiovana
- Mahalala sy mampiatra ny fitantanana tsara tantana.

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Zon' olombelona** | **1. Fampahatsiahivana momba ny zo fototra**<br><br>Mitovy ny olona rehetra manoloana ny lalàna :<br><br>• Zo ho hajaina sy homena hasina<br>• Zo ho harovana tsy ho azon'ny fampijaliana<br>• Zo ho haneho hevitra an-kalalahana<br>• Zo hanana fahalalahana amin'ny hevitra, fisainana ary fivavahana<br>• Zo hahazo fanabeazana sy fitsaboana. |


| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Alohan'ny fanazavana mametraka fanontaniana arahina valiny :<br><br>Inona no zo fototra iray fantatrao?<br><br>Atao mifandray amin'ny zo fototra hita ao amin'ny pejy fitaratra ny fanazavana. | Pejy fitaratra # 2 |  | 10 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Zon' olombelona** | **2. Fampatsiahivana fohy ny zon'olombelona mikasika ny rano, fanadiovana sy fidiovana**<br><br>Araka ny fanapahan-kevitry ny fivorian'ny Firenena mikambana :<br><br>• Rano ampy tsara : isam-batan'olona sy isan-tokantrano, ho sotroina, hanomanana sakafo, hanadiovana, hidiovana<br>• Rano madio : tsy misy loto mety hanimba ny fahasalamana<br>• Fanadiovana azo antoka : mampisaraka ny diky/tay sy ny olombelona<br>• Akaiky sy afaka ampiasaina : na ao an-tokantrano na eo akaikin'ny trano, na eny amin'ny toeram-piasana, fianarana, fitsaboana, na andro na alina<br>• Takatry ny fahefa-mividy<br>• Tsy ahitana fanavakavahana, voatsinjo hatramin'ireo vondron'olona voailika eo amin'ny fiaraha-monina sy marofy<br>• Mangarahara ny mikasika azy ary mandray anjara ny mponina<br>• Tamberin'andraikitra : araka ny asam-pitsarana.<br><br>**Zava-misy eny an-tanàna mifanohitra amin'ny voalaza ny zon'olombelona mikasika ny rano, fanadiovana sy fidiovana.** |

<table>
<tr><th>FOMBA FAMPITANA FIOFANANA</th><th>FAMAN-TARANA</th><th>FITAOVANA</th><th>FAHA-RETANY</th></tr>
<tr><td>21. Mametraka fanontaniana arahina valiny : milazà zon'olombelona iray mifanitsy amin'ny lohahevitra rano, fanadiovana, fidiovana.<br><br>Raha ireo ny zon'olombelona amin'ny resaka rano, fanadiovana, fidiovana, inona anefa ny zava-misy hitanareo eny amin'ny fiaraha-monina misy anareo?</td><td>Pejy fitaratra # 4 - 5</td><td>


</td><td>10 min</td></tr>
</table>

## 3. Fampahafantarana ny fitantanana tsara tantana



<table>
<tr><th>FOMBA FAMPITANA FIOFANANA</th><th>FAMAN-TARANA</th><th>FITAOVANA</th><th>FAHA-RETANY</th></tr>
<tr><td>31. Mametraka fanontaniana :<br>Misy antokon'olona firy eo amin'ny sary? Tanisao avy izy ireo?<br><br>Mandravona ny mpanamora.<br><br>32. Mametraka fanontaniana arahina valiny : Araka ny hevitrareo, inona no fifandraisana misy amin'ireo antokon'olona 3 ireo?<br><br>33. Mametraka fanontaniana : Araka ny hita eo amin'ny sary, inona no hevi-dehibe havoitry ny sary?<br><br>Manazava fohy ny sary ny mpanamora sady mamoaka ireo hevi-dehibe.</td><td>Pejy fitaratra # 6 - 8</td><td>

<br>
« Zo amin'ny Rano sy Fanadiovana »
<table>
<tr><th>Filazana mahavariana</th><th>Ny zavatra manakaiky nymarina</th></tr>
<tr><td>Zo = maimaimpoana, tsy andoavam-bola</td><td>Tokony ho takatry ny fahefa-mividy ny fahazoana rano sy fanadiovana. Misy ny fandraisana anjara.</td></tr>
<tr><td>Zo = tsy voafetra ny fampiasana ny rano sy fanadiovana</td><td>Ny zo no ahafahan'ny tsirairay mahazo rano sy fanadiovana sahaza azy. Mampiasa rano sady mitsinjo ny zon'ireo taranaka fara-mandimby.</td></tr>
<tr><td>Zo = mahazo paompy isa-tokantrano</td><td>Ao an-tokantrano, na eo ivelany fa akaiky. Tsy paompy ihany fa mety ho vovon-drano ... Toy izany koa ny kabone</td></tr>
<tr><td>Tsy manaja ny zon'olombelona ny firenena iray raha tsy mahazo rano fisotro sy fanadiovana ny mponina ao aminy.</td><td>Mandeha tsikelikely ny dingana fampidirana rano sy fanadiovana ary arakaraky ny fisian'ny harendrano eo an-toerana.</td></tr>
</table>
</td><td>10 min</td></tr>
</table>





# ANDIANY. 3

# Lalàna momba ny rano

## Tanjona :

Aorian’ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala ny hevi-dehibe fehezin'ny lalàna momba ny rano
- Mampiatra sy manara-maso ny fampiarana ny lalàna.

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Lalàna momba ny rano** | **1. Hevi-dehibe hita ao amin'ny lalàna momba ny rano**<br><br>1. Maha-fananam-panjakana ny rano<br>2. Fampiasana ny rano ho an'ny daholobe<br>3. Fiarovana ny tahirin-drano<br>4. Fitompoan'ny asa famatsian-drano fisotro sy fanadiovana ho an'ny daholobe<br>5. Famindram-pitantanana amin'ny mpandraharaha miankina na tsy miankina<br>6. Famatsian-drano sy fanadiovana ho an'ny daholobe handoavam-bola<br>7. Fanadiovana.<br><br>• **Maha-fananam-panjakana ny rano**<br><br>And.2 : Ny rano dia fananam-panjakana:<br>1. Tsy azo amidy<br>2. Tsy azo raisina ho fananan'olon-tsotra.<br><br>And.3 : Ireo karazana rano voafehin'io andinin-dalàna io:<br>1. Loharano<br>2. Renirano<br>3. Farihy na dobo.<br><br>And.28 : Rano fisotro madio no omena tombon-dahiny raha misy famerana ny tahirin-drano azo ampiasaina. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Manontany ny fantatry ny mpiofana mikasika ny hevin'ny teny hoe fananam-panjakana. | | | 15 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Lalàna momba ny rano** | • **Fampiasana ny rano ho an'ny daholobe**<br><br>And.38 : Ny rano jifaina ho sotroina dia tsy maintsy madio voakarakara na voajanahary.<br>And.39 : Asa ho an'ny daholobe ny famatsiana rano fisotro sy fanadiovana tambabe.<br><br>• **Fiarovana ny tahirin-drano**<br><br>And.12 : Fandraisana fepetra manokana ho entina hanafoanana na hisorohana ny loza amin'ny fanaovana asa mety miteraka fahalotoana amin'ny tahirin-drano.<br><br>And.15 : Fikajiana ny tahirin-drano sy sahan-driaka<br>• Fiarovana tsy maintsy atao : Protection immédiate (10 m)<br>• Fiarovana fohy ezaka : Protection rapprochée (30 m)<br>• Fiarovana lavitr'ezaka : Protection éloignée (100 m).<br><br>• **Fitompoana ny asa**<br><br>And.41 : Ny kaominina ambanivohitra sy ambonivohitra no tompon'ny foto-drafitrasa famatsian-drano fisotro madio sy fanadiovana, amin'ny alalan'ny filan-kevitra kaominaly. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Manontany ny fantatra sy traikefan'ny mpiofana mikasika ny :<br>• fampiasana ny rano<br>• fiarovana ny tahirin-drano. | | | 15 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Lalàna momba ny rano** | • **Famindram-pitantanana amin'ny mpandraharaha miankina na tsy miankina**<br><br>And.45, 46 : Famindram-pitantanana amin'ny mpitrandraka, olon-tsotra na orinasa miankina na tsy miankina, amin'ny fanatanterahana, fitantanana, fikojakojana ny foto-drafitrasa.<br><br>• Fitantanana iombonana (Gestion communautaire)<br>• Fitantanana kaominina mivantana (Gestion en régie direct)<br>• Famindram-pitantana amin'ny sehatra tsy miankina (Gestion déléguée (concession, affermage, gérance). |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Manontany ny fantatra sy traikefan'ny mpiofana mikasika ny :<br><br>• Tompon'ny foto-drafitrasa rano eo anivon'ny kaominina<br>• Famindram-pitantanana. | | | 15 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Lalàna momba ny rano** | • **Famatsian-drano sy fanadiovana ho an'ny daholobe andoavam-bola**<br><br>And.54 : Andoavam-bola ny rano vatsiana ho an'ny daholobe, na eo amin'ny fatsakana iraisana na fampidiran-drano ho an'olon-tsotra.<br><br>And.55 : Tokony tsy mihaotra ny 10% ny tetin'ny afakaba (hetra) harotsaka ao amin'ny kaominina.<br><br>Ireo karazana famatsian-drano :<br><br>• Fanitarana (extension)<br>• Fikojakojana (entretien)<br>• Fanadiovana (assainissement).<br><br>• **Fanadiovana**<br><br>And.16 : Andraikitry ny kaominina ny fanafoanana ny faika avy any an-tokantrano.<br><br>And.66 : Mizaka ny vidin'ny asa fandotoana nataony izay mandoto.<br><br>And.67 : Hiharan'ny sazy an-tranomaizina sy lamandy ny tsy fiarovana ny tahirin-drano sy ny fitrandrahana herinaratra amin'ny rano tsy nahazoana alalana. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Manontany ny antony tokony andoavam-bola ny rano.<br><br>Manontany ny mpiofana : iza avy no tompon'andraikitra amin'ny fanadiovana eo an-toerana? Inona ireo asa fanadiovana tokony atao? Ahoana no fomba hitantanana ny fanadiovana? | Pejy fitaratra # 6 | | 15 min<br><br>15 min |

# ANDIANY. 4

## Drafitrasan'ny firaisamonim-pirenena amin'ny rano, fanadiovana, fidiovana

### Tanjona :

Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala ny antony ilàna ny drafitrasa
- Mahay mandrafitra ny drafitrasa
- Mampiatra ny drafitrasa.

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Drafitrasan' ny firaisa-monim-pirenena (OSCEAH)** | **1. Drafitrasa sy ny ilàna azy**<br><br>**Antony ilàna azy :**<br><br>• Hamaritana ny tanjona ho tratrarina amin'ny fotoana voatondro ary ahitana olona tompon'andraikitra.<br>• Ahafahana mamantatra ny lalana hizorana hanatanterahana ny tanjona.<br>• Manamora ny fandaminan'asa sy ny fanaraha-maso ny asa.<br><br>**2. Famolavolana ny drafitrasa**<br><br>Ny mpikambana rehetra ao anatin'ny OSCEAH no miaraka mamolavola ny drafitrasa. Tsara raha misy mpanamora avy amin'ny mpikambana na avy ivelany. Asiana komity solontena vitsivitsy manatsara ny famaranana ny drafitrasa. Tsara raha eken'ny besinimaro ny drafitrasa voavolavola.<br><br>Singa fototra hita eo amin'ny drafitr'asa :<br><br>• Tanjona<br>• Asa<br>• Fe-potoana<br>• Tompon'andraikitra<br>• Tombana. |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Drafitrasan' ny firaisa-monim-pirenena (OSCEAH)** | **3. Fanatanterahana ny drafitrasa**<br><br>Tsy tokony mijanona ho soratra ny drafitrasa fa miara-mientana amin'ny fanatanterahana ny mpikambana rehetra miaraka amin'ireo hery velona mpiara-miasa sy mpahazo tombotsoa. Tsara raha halamina sy hifampizarana ny andraikitra rehetra amin'ny fanatanterahana azy. Atao ihany koa ny tombana araka ny fivoaran'ny drafitrasa hanaraha-maso ny vokatra sy ny fiovana. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Mametraka fanontaniana arahina valiny : Inona no atao hoe drafitrasa ary ny antony ilàna azy?<br><br>12. Asaina manao fampiharana ny mpiofana mizara voamiera 2, manaraka ireto singa hita amin'ny famolavolana ny drafitrasa ireto :<br>• Inona no tanjona hotratrarina?<br>• Inona ny asa atao amin'izany?<br>• Oviana no hanaovana azy?<br>• Iza no tompon'andraikitra?<br>• Fomba ahoana no hanaovana tombana?<br><br>Maneho ny vokatra isaky ny vaomiera. | | | 45 min |

# Taranja

# 2

## Sisinkevitra ahazoam-bokatra haingana sy maharitra

# ANDIANY. I

## Famaritana

### Tanjona :


Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala ny antony ilàna ny sisinkevitra
- Mahay mitarika sisinkevitra.

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Sisinkevitra** | **1. Famaritana iombonana**<br><br><br>• Fandresehan-dahatra mpanapa-kevitra ara-politika mba haka toerana mazava amin'izay tohanana.<br>• Tsy amin'ny alalan'ny hery, satria raisina ho namana ilay olona, fa araka ny tombontsoa hitarihana azy handray fanapahan-kevitra hiara-hiasa amin'ny lafiny sosialy na politika sy hanohana amin'ny lafiny samihafa.<br>• Fandomana ny hambo-pon'ny mpitondra hahatonga azy handray andraikitra. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
| --- | --- | --- | --- |
| 11. Zaraina taratasy matevina miloko (VIPP) ny mpiofana. Asaina milaza izay hevitra ahafantarany ny sisinkevitra.<br><br>Angonon'ny mpanamora izany rehefa vita ka haravony eny amin'ny taratasy lehibe fanoratana mba ho hitan'ny rehetra.<br><br>Asainy mpanamora manohana ny heviny ny mpiofana tsirairay. | Pejy Fitaratra # 10 |  | 15 min |

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Sisinkevitra</td><td>
<h3>2. Fampitahàna ny sisinkevitra sy ny serasera</h3>
<table>
<tr><th>Sisinkevitra</th><th>Serasera</th></tr>
<tr><td>Mazava tsara ireo dingana arahina avy amin’ny tompon’andraikim-panjakana</td><td>Ny hafatra tiana hampitaina dia mazava ary miantefa amin’ny olona maro</td></tr>
<tr><td>Mitondra ho amin’ny hetsika matotra avy amin’ny mpitondra ny hafatra</td><td>Mahazo tsara ny hafatra ny mpaka hevitra</td></tr>
<tr><td>Maka fanapahan-kevitra hietsika sy hiasa ny olona</td><td>Mahalala kokoa ny olana ny mpanao politika</td></tr>
</table>
</td></tr>
</table>

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
| --- | --- | --- | --- |
| 21. Asaina manao asa tarika ny mpiofana. Mizara telo ny mpiofana (eo amin'ny olona 5 eo eo).<br><br>Inona no maha-samihafa ny sisinkevitra sy ny serasera? Tohano amin'ny ohatra ny hevitrao?<br><br>Fandravonana isan-tarika. | Pejy Fitaratra # 7 - 8 |  | 45 min |

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Sisinkevitra</td><td>

### 3. Fampitahana ny sisinkevitra sy ny fiadiana ho amin'ny fiovana avy hatrany (activisme)*

Ny fiadina ho amin'ny fiovana mivaingana avy hatrany (na activisme) dia fomba iray entina hanentanana sy handresen-dahatra manoloana ny tranga iray ahitana hamehana. Misy ny mpitarika na antsoina hoe mpisehatra miady ho amin'ny fiovana mivaingana.
Ny sisinkevitra koa dia fomba entina handresen-dahatra ho amin'ny fiovana ara-tsosialy na politika. Ny olona manao sisinkevitra dia "mpiaro" (défenseur) ny tranga na hevitra iray.

<table>
<tr><th>Sisinkevitra</th><th>Fiovana mivaingana</th></tr>
<tr><td>Mampiditra fomba fiasa anaty rafitra sy dingana</td><td>Fanaovana hetsika mafy iray mivantana, matetika ahitana toe-javatra misy fifanolanana tsy handaniana tranga na hevitra iray</td></tr>
<tr><td>Mampiditra ny fandraisam-pitenenana imasom-bahoaka ny fitakiana</td><td>Mampiditra hetsika toy ny grevy</td></tr>
</table>

</td></tr>
</table>

### 4. Tanjona "SMART"

Ny tanjona dia manome torolalana mazava, voafaritra tsara, momba ny dingam-pandaminana milaza izay tokony hitranga amin'ny fotoana antomotra ezaka, ahafahana manatratra ny vina.

Ny tanjona iray dia mifanaraka amin'ny fenitra hoe "SMART". Ny hevi-dehibe mikasika ny SMART :

| SMART | | |
|---|---|---|
| **S** | Voafaritra mazava ary tsotra sy mora azo atao | Spécifique |
| **M** | Azo refesina | Mesurable |
| **A** | Afaka ho takatra ary azo ekena | Acceptable |
| **R** | Afaka atao tsara, mifanaraka amin'ny zavamisy | Réalisable |
| **T** | Voafaritra ara-potoana | Temporel |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 41. Fanehoana amin'ny mpiofana ny hevi-dehibe SMART arahina fanazavana ohatra.<br>"Ny ben'ny tanana Sabotsy Anjiro dia nanao sonia ny filazana asa milaza ny handraofana fako ny renivohitry ny kaominina alohan'ny 11 aprily 2019".<br><br>Fampiharana ny tanjona SMART<br><br>Mizara telo ny mpiofana (eo amin'ny olona 5 eo ho eo).<br><br>Mamorona tanjona SMART amin'ny lohahevitra iray atao sisinkevitra?<br><br>Fandravonana isan-tarika. | | | 20 min |

# ANDIANY. 2


## Dingana arahina amin'ny sisinkevitra

### Tanjona :

Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mampiatra ny fanaovana sisinkevitra araka ireo dingana voalaza.


## 1. Dingana ho fahombiazan'ny sisinkevitra





## 2. Paikadin-tsisinkevitra OSCEAH

Ireo tsiarambaratelon'ny sisinkevitra ahazoana vokatra haingana :

- **Famondronana ny hery sy fahaizana mifantoka amin' ireo tranga azo hararaotina mba hahazoana vokatra goavana ao anatin'ny fotoana fohy.**




- **Fanarahana ireto lamina ireto :**



## 3. Ireo dingana amin'ny antsipiriany

**Fijerena ny marimaritra iraisana**

- Manapa-kevitra iza no mpiara-miasa
- Mametraka tanjona SMART
- Mijery ny mpanapa-kevitra fototra

**Famondronan-kery**

- Mamantatra ny zava-misy
- Mahalala ny mpanapa-kevitra
- Mahalala ny tena filàna

**Fampahom-biazampiovana**

- Mamolavola drafitrasa arahina tetibola
- Manombana ny fivoarana
- Manantanteraka sy manao tomban'ezaka

## 4. Fanehoana ireo fitaovana enti-miasa amin'ny sisinkevitra

Misy ireo fitaovana manamora ny fanomanana sy fanatanterahana ny sisinkevitra. Raisina tsirairay izy ireo, hazavaina sy hanaovana fampiharana. Jereo ao amin'ny pejy manaraka (120 min).

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Mametraka fanontaniana arahina valiny.<br><br>Araka ny fantatrao, inona avy ireo dingana lehibe arahina raha hanao sisinkevitra? Tohano ny hevitrao?<br><br>21. Inona no paik'ady 3 voalaza teo aloha ? na Milazà hevitra telo lehibe misongandina amin'io fehezan-teny io? | Pejy fitaratra # 11 - 12 | <br> | 120 min |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 31. Mitarika asam-bondrona manao kilalaon-tsary :<br><br>a) Manapakevitra iza no mpiara-miasa. Asaina tanisain'ny mpiofana ireo vondrona voakasika amin'ny sisinkevitra (Firaisamonim-pirenena - governementa - sehatra tsy miankina - mpiantoka ara-pahasalamana, sns.)<br><br>b) Mametraka Tanjona SMART:<br>Tanjona lavitr'ezaka sy Tanjona fohy ezaka<br>Ohatra:<br>Tanjona lavitr'ezaka: Manana toerana azo antoka sy madio ahafahan'ny ankizy eto amin'ny renivohitry ny Kaominina milalao aorian'ny fianarana.<br>Tanjona SMART: Ny ben'ny tananan'ny renivohitry ny Kaominina dia nanao sonia ny filazana asa milaza ny handraofana fako ny renivohitry ny kaominina alohan'ny 11 aprily 2019".<br><br>d) Mahalala ny mpanapa-kevitra fototra<br>Iza no mandray ny fanampaha-kevitra mba hamahana io olana io? Tsy voatery ho Ben'ny tanana.<br>Maka ohatra: Iza no mandray fanampaha-kevitra ao amin'ny kaominina raha misy resaka vola? Mpanolotsaina fa tsy ny Ben'ny tanana. | Pejy fitaratra # 11 - 12 | <br> | 120 min |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| Omena ny mpiofana ilay fitaovana sisinkevitra.<br><br>Manao asa tarika mizara 3 ary mametraka fanontaniana toy izao : Inona ireo teboka lehibe tokony ho fantany isaky ny dingana araka io fitaovana sisinkevitra io?<br><br>Hazavao fohifohy isaky ny hevitra lehibe ny tiana ambara?<br><br>Manao fandravonana. | | Dika mitovy amin'ireo fitaovana enti-miasa | 120 min |

## Tabilao 1 : Olona handrafitra ny sisinkevitra

| Tabilao 1 | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Karazany | Olona | Andraikitra | Asa<br>Mpitaona « influenceur »,<br>Manam-pahaizana,<br>Mpanelanelana, Fahaiza-manao | Telefaonina | Mailaka |
| A : Sampan-daraharaha teknika Faritra, Distrika | | | | | |
| | | | | | |
| B : Governemanta /Rafitra ifotony (Kaominina) | | | | | |
| | | | | | |
| D : Sehatra tsy miankina | | | | | |
| | | | | | |
| E : Firaisamonim-pirenena | | | | | |
| | | | | | |
| E: Sehatra anjery manontolo | | | | | |
| | | | | | |
| G : Fikambanana ara-pinoana | | | | | |
| | | | | | |
| H : Hafa (tanisaina) | | | | | |

**Tabilao 11 : Fijerena ny mpanapa-kevitra**

| | |
|---|---|
| Lalantsaina fototra | Anarana |
| | Fahalalàna ny lohahevitry ny sisinkevitra |
| | Soatovina |
| | Fahavonona hanao asa mivaingana avy hatrany |

**Tabilao 12 : Fijerena ny mpanapa-kevitra**

| | |
|---|---|
| Fifandraisana : | |
| Fihetsem-po : | |
| Lalantsaina : | |

**Tabilao 13 : Mpitondra hafatra**

| | |
|---|---|
| Anarana : | |

**Tabilao 11 : Tanjona SMART - Tanjona ankapobeny**

| | |
|---|---|
| Tanjona SMART ankapobeny : | |

**Tabilao 2 : Tanjona SMART - Tanjona ankapobeny**

| | |
|---|---|
| Tondro tratrarina : | |
| Tanjona SMART : | |

**Tabilao 2 : Tondro tratrarina**

| Fanamby ivelany | Soa fanararaotra |
|---|---|
| | |

**Tabilao 21 : Fanadihadiana**

| Olana fototra | Sakana |
|---|---|
| | |

**Tabilao 22 : Tondro tratrarina**

| Fanamby ivelany | Soa fanararaotra |
|---|---|
| | |

**Tabilao 3 : Tanjona SMART - Tanjona ankapobeny**

| | |
|---|---|
| Tondro tratrarina : | |
| Tanjona SMART : | |

**Tabilao 4 : Drafitrasa tsotra**

| Tanjona SMART | Dingana & Asa na hetsika atao | Tetibidy | Tompon' andraikitra | Tetiandro |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |

**Tabilao 5 : Tondro refim-pahombiazana**

| Enti-manana nomanina | Vokatra handrasana haingana |
|---|---|
| | |